



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitaviana - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-145

**FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAM-  
PANDAHARAM-POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA MANOMBOKA NY  
ALATSINAINY 21 JONA 2021 KA HATRAMIN'NY ZOMA 2 JOLAY 2021**

Fivoriana Faha-25  
Natao ny  
Talata 22 Jona 2021  
- Tolak'andro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA **Christine** Harijaona

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

**FOTOANA:** Talata 22 Jona 2021, tamin'ny 3 ora sy 30 minitra, tolak'andro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alatsinainy 21 Jona 2021 ka hatramin'ny Zoma 2 Jolay 2021.

Nitohy ny fivorian'ny Antenimierampirenena ny Talata 22 Jona 2021, tamin'ny 3 ora sy 30 minitra, tolak'andro. Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niangavy ny teknisiana misahana ny Informatika ato amin'ny Antenimierampirenena mba hanamarika ny anaran'ny Solombavambahoaka tonga manatrika ny fivoriana.

Nomarihany ihany koa fa mandeha mivantana amin'ny "facebook" izao fivoriana izao.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony ny tenany.

Rehefa izany, niangaviany ny Mpitantsoratra, mba hamaky ny tatitry ny Diniky ny Filoha.

Nanatanteraka izany, Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina, ka toy izao ny fivakiny:

Nivory ny Talata faha-22 Jona 2021 nanomboka tamin'ny 10 ora sy 30 minitra, maraina, ny «Conférence des Présidents».

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Fiarahabana ireo mpivory tonga nanatrika ny fivoriana no nanombohan-dRamatoa Filoha ny fitenenana.

Niarahaba manokana ireo raim-pianakaviana ary nanolotra firarian-tsoa noho ny nahatratraran'izy ireo ny Fetin'ny Ray koa izy.

Novakiana avy eo ny volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Alatsinainy faha-21 jona 2021 tamin'ny 5 ora, hariva.

Niroso tamin'ny adihevitra avy eo ny mpivory, ka nandritra izany no nanoloran-dRamatoa Filoha ny fandaminana mba hifehezana ny fotoana mba tsy hahareraka loatra ny Solombavambahoaka sy ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta mandritra ny fihaonana indroa miantoana eo amin'ny roa tonta.

Toy izao raha fintinana ny mikasika izany:

Ny fanontaniana apetraka amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta dia tokony hatao indroa isaky ny fivoriana (session). Mba tsy hamizana loatra ny Solombavambahoaka sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta amin'izao vanim-potoana misy areti-mandringana izao ary mifanaraka amin'ny tolo-kevitra ny «Conférence des Présidents» sy ny fivoriambe azon'ny rehetra atrehina tamin'ny 3 Jona 2021, ny fametrahany-panontaniana atao amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta dia tanterahina mandritra ny roa andro manomboka amin'ny 9 ora, maraina ka hatramin'ny 7 ora, hariva. Mba hahafahana manaja ny fe-potoana 8 ora isan'andro isaky ny fotoam-pivoriana sy ny fepetra sakana dia zaraina andiany roa ny Solombavambahoaka:

- 1- Ny andiany voalohany (laharana 01 ka hatramin'ny laharana 75) no mametraka fanontaniana voalohany.
- 2- Ny andiany faharoa (laharana 76 ka hatramin'ny laharana 151) no mametraka fanontaniana faharoa.

Ny mpikambana tsirairay dia manana 3 minitra hametrahany fanontaniana.

Amin'ny faran'ny fivoriana faharoa no mandray fitenenana ny Vondrona Parlemantera tsirairay.

Ireo mpikambana ao amin'ny Parlemanta izay tsy nandray anjara tamin'ny andiany voalohany na faharoa dia afaka manaraka ny fivoriana amin'ny alalan'ny "visio conférence".

Ny mpikambana rehetra ao amin'ny Governemanta dia manatrika ny fivoriana mandritra ny andro voalohany sy faharoa.

### **FANDAHARAM-POTOANA**

#### **Andro voalohany:**

- 1- Fampidirana fohy ataon'ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta (5minitra)
- 2- Ny Solombavambahoaka tsirairay dia mandray fitenenana arakaraky ny fanamarinam-pahatongavany (fiche de présence)
- 3- Manome valin-teny ny mpikambana ao amin'ny Governemanta: 4 ora (10 minitra isaky ny Minisitera)

#### **Andro faharoa:**

- 1- Ny Solombavambahoaka tsirairay dia mandray fitenenana arakaraky ny fanamarinam-pahatongavany.
  - 2- Manome valin-teny ny mpikambana ao amin'ny Governemanta: 4 ora (10 minitra isaky ny Minisitera)
  - 3- Fanamarihana avy amin'ny Vondrona Parlemantera tsirairay (atolotry ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera)
  - 4- Valin-teny avy amin'ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta mikasika ireo fanamarihana avy amin'ny Vondrona Parlemantera.
- Ny faharetan'ny fotoam-pivoriana tsirairay: 8 ka hatramin'ny 9 ora.

Nodinihana avy eo ny firafitry ny fandaharam-potoana manomboka ny Alatsinainy faha-21 Jona ka hatramin'ny Zoma faha-2 Jolay 2021. Nisy ny fanatsarana sy fanampiana nentin'ny mpivory.

Toy izao ny fandaharam-potoan'ny Antenimierampirenena tapaka tao amin'ny «Conférence des Présidents» ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

(Jereo ny tovana)

### **ORDRE DU JOUR**

Pour la période du **Lundi 21 Juin 2021** au **Vendredi 02 Juillet 2021**

#### **LUNDI 21 JUIN 2021**

**17H 00:** Réunion des membres du Bureau Permanent. (*VIRTUELLE*)

#### **MARDI 22 JUIN 2021**

**10H 00:** Conférence des Présidents- (*VIRTUELLE*)

**15H 00:** SEANCE PLENIERE - (*VIRTUELLE*)  
-Adoption de l'ordre du jour

#### **MERCREDI 23 JUIN 2021**

**09H 00:** **RENCONTRE DES PRESIDENTS DES COMMISSIONS AVEC LES NATIONS UNIES**

**15H 00:** TRAVAUX DES COMMISSIONS - (*VIRTUELLE*)

**Commission Juridique (Saisie au fond)**

**Commission des Affaires Etrangères (Saisie pour avis)**

-Projet de loi n°005/2021 du 12 Mai 2021 autorisant l'adhésion de Madagascar au protocole sur l'extradition de la Communauté de développement de l'Afrique australe (SADC) et à ses deux amendements en date de 2017 et 2019.

-Projet de loi n°006/2021 du 12 Mai 2021 autorisant la ratification de Madagascar au protocole sur l'entraide judiciaire en matière pénale de la Communauté de développement de l'Afrique australe (SADC) et à ses deux amendements en date de 2017 et 2019.

**Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation (Saisie au fond)**

**Commission des Finances et du Budget (PL n°08/PL n°010)**

**Commission de l'Evaluation et des Politiques Publiques (PL n°09)**

-Projet de loi n°008/2021 du 19 Mai 2021 modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2014-020 du 27 septembre 2014 relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élections, ainsi qu'à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions de leurs organes, modifiée et complétée par la loi n°2018-011 du 11 juillet 2018.

-Projet de loi n°009/2021 du 26 mai 2021 portant validation de la Lettre de Politique de Décentralisation Emergente.

-Projet de loi n°010/2021 du 09 Juin 2021 modifiant l'annexe n°01 de la loi n°2014-020 du 27 Septembre 2014, modifiée et complétée par la loi n°2018-011 du 11 Juillet 2018 relative aux ressources des Collectivité territoriale décentralisées, aux modalités d'élections, ainsi qu'à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions de leurs organes.

### **JEUDI 24 JUIN 2021**

#### **09H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS - (VIRTUELLE)**

##### **Commission Juridique**

-PROPOSITION DE LOI n°002-2021/PL modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n' 68-01 2 du 04 juillet 1968 relative aux successions, testaments et donations, présentée par la Députée RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera élue à Antananarivo II, Deuxième Questeur de l'Assemblée nationale.

##### **Commission de l'Évaluation et des Politiques Publiques**

Elaboration du programme de travail du mois de Juin jusqu'au mois de Décembre 2021

#### **SEANCES PLENIERES - (VIRTUELLE)**

**15H 00:** -Projet de loi n°005/2021 du 12 Mai 2021 autorisant l'adhésion de Madagascar au protocole sur l'extradition de la Communauté de développement de l'Afrique australe (SADC) et à ses deux amendements en date de 2017 et 2019.

-Projet de loi n°006/2021 du 12 Mai 2021 autorisant la ratification de Madagascar au protocole sur l'entraide judiciaire en matière pénale de la Communauté de développement de l'Afrique australe (SADC) et à ses deux amendements en date de 2017 et 2019.

**16H 00:** -Projet de loi n°008/2021 du 19 Mai 2021 modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2014-020 du 27 septembre 2014 relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élections, ainsi qu'à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions de leurs organes, modifiée et complétée par la loi n°2018-011 du 11 juillet 2018.

-Projet de loi n°009/2021 du 26 mai 2021 portant validation de la Lettre de Politique de Décentralisation Emergente.

-Projet de loi n°010/2021 du 09 Juin 2021 modifiant l'annexe n°01 de la loi n°2014-020 du 27 Septembre 2014, modifiée et complétée par la loi n°2018-011 du 11 Juillet 2018 relative aux ressources des Collectivité territoriales décentralisées, aux modalités d'élections, ainsi qu'à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions de leurs organes.

**VENDREDI 25 JUIN 2021**

**10H 00:** -PROPOSITION DE LOI n°002-2021/PL modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n' 68-01 2 du 04 juillet 1968 relative aux successions, testaments et donations, présentée par la Députée RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera élue à Antananarivo II, Deuxième Questeur de l'Assemblée nationale.

**VENDREDI 25 JUIN 2021 à 15H00 au LUNDI 28 JUIN 2021 à 09H00 et 15H00**

TRAVAUX DES COMMISSIONS – *PRESENTIELLE- (Salle des Séances-AN/Tsimbazaza)*

**Commission des Finances et du Budget (Saisie au fond)**

**Commission de l'Economie et de la Planification**

**Commission de l'Evaluation et des Politiques Publiques**

Projet de loi n°011/2021 portant Loi de Finances Rectificative pour 2021.

**VENDREDI 25 JUIN 2021**

**15H 00:** TRAVAUX DE COMMISSION - (*VIRTUELLE*)

**Commission de l'Aménagement du Territoire et de la Gestion Foncière**

-PROPOSITION DE RESOLUTION n° 005-2021/PR tendant à la création d'une Commission d'enquête Parlementaire sur les problèmes fonciers récurrents à Madagascar, présentée par Le Député RAHOLDINA Naivo Herinantsoina élu dans le district d'Antananarivo V, Président de la Commission de l'Aménagement du Territoire et de la Gestion Foncière et Consorts.

SEANCE PLENIERE - **MODE HYBRIDE** (*PRESENTIELLE et VIRTUELLE*)

**MARDI 29 JUIN 2021**

**10H 00 et 15H 00:** Projet de loi n°011/2021 portant Loi de Finances Rectificative pour 2021.

SEANCES PLENIERES - *PRESENTIELLE – (CCI- Ivato)*

**MERCREDI 30 JUIN 2021 et JEUDI 01 JUILLET 2021**

**de 10H00 à 19 H 00: SEANCES DES QUESTIONS AUX GOUVERNEMENTS (SQG)**

**VENDREDI 02 JUILLET 2021**

**09H 00:** -PROPOSITION DE RESOLUTION n°005-2021/PR tendant à la création d'une Commission d'enquête Parlementaire sur les problèmes fonciers récurrents à Madagascar, présentée par Le Député RAHOLDINA Naivo Herinantsoina élu dans le district d'Antananarivo V, Président de la Commission de l'Aménagement du Territoire et de la Gestion Foncière et Consorts.

**de 10 H 00 à 15H 00:** Eventuellement 2<sup>ème</sup> Lecture des textes en provenance du SENAT.

**16H 00 :** CLOTURE DE LA PREMIERE SESSION ORDINAIRE 2021 DE L'ASSEMBLEE NATIONALE.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoatra, Ramatoa Filoha dia nilaza fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny momba ny volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory, ka niangaviany mba hanangan-tànana ny Solombavambahoaka izay manan-kambara mikasika izany.

Nanambara Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina raha nomena fitenenana, fa "résolution" miisa roa no nataony ary ny iray amin'izay ihany no tafiditra tao amin'ny fandaharam-potoana noho ny fahateren'ny fotoana. Noho izany, niangaviany ny mpikambana ao amin'ny Governemanta, indrindra ny Ministry ny Fitsarana, mba handray andraikitra mikasika ireo didim-pitsarana mitarika korontana eny amin'ny fiaraha-monina momba ny ady tany. Anisan'ny voakasika amin'izany ny olana eny Antanandrano sy Ivato. Nisaotra ny Birao Maharitra sy ny Vaomieran'ny fananan-tany ihany koa ny tenany nampiditra ny fanadihadiana mba hijerena ny olana amin'ny fananan-tany sy hijerena vahaolana mikasika izany.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta raha toa manan-kambara mikasika ny volavolam-pandaharam-potoana novakiana teo.

Rehefa tsy nisy nanan-kambara intsony ny mpivory, nanambara, Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory.

Nambarany fa ny Andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 24 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany tsy nasiam-panovàna ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alatsinainy 21 Jona 2021 ka hatramin'ny Zoma 2 Jolay 2021.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta raha mbola misy teny tiany hambara.

Fiarahabana ny raim-pianakaviana noho ny fetin'ny Ray tamin'ny Alahady 20 Jona 2021 lasa teo, no nataon-dRamatoa YAMICOLE Franckline ary tsy nanan-kambara momba ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena ny tenany.

Talohan'ny niatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy, Ramatoa Filoha, fa hisy "rencontre des présidents des Commissions avec les NATIONS UNIES" ny Alarobia 23 Jona 2021, amin'ny 9 ora, maraina. Amin' io andro io ihany, amin'ny 3 ora, tolak'andro, hisy ihany koa "travaux de Commissions" ampitain-davitra, handiniana ireto volavolan-dalàna manaraka ireto:

-Projet de loi n°005/2021 du 12 Mai 2021 autorisant l'adhésion de Madagascar au protocole sur l'extradition de la Communauté de développement de l'Afrique australe (SADC) et à ses deux amendements en date de 2017 et 2019.

-Projet de loi n°006/2021 du 12 Mai 2021 autorisant la ratification de Madagascar au protocole sur l'entraide judiciaire en matière pénale de la Communauté de développement de l'Afrique australe (SADC) et à ses deux amendements en date de 2017 et 2019.

-Projet de loi n°008/2021 du 19 Mai 2021 modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2014-020 du 27 septembre 2014 relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élections, ainsi qu'à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions de leurs organes, modifiée et complétée par la loi n°2018-011 du 11 juillet 2018.

-Projet de loi n°009/2021 du 26 mai 2021 portant validation de la Lettre de Politique de Décentralisation Emergente.

-Projet de loi n°010/2021 du 09 Juin 2021 modifiant l'annexe n°01 de la loi n°2014-020 du 27 Septembre 2014, modifiée et complétée par la loi n°2018-011 du 11 Juillet 2018 relative aux ressources des Collectivité territoriale décentralisées, aux modalités d'élections, ainsi qu'à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions de leurs organes.

Nanentana ny Solombavambahoaka koa ny tenany mba havitrika amin'ny fanatrehana ny fivoriana.

Niato tamin'ny 4 ora, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona